Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture

PROGRAMME DE GESTION DURABLE DE LA FAUNE SAUVAGE
SWM PROGRAMME

Fangorognana agnatin'ny faritra ivelomana araha-maso

Ny fitsipika mahakasika ny fangorognana ao agnatin'ny ZOC dia voafaritry ny fifanarahana momba ny fitantanan'ny vondrom-piarahamonina sy ny Dina, ao agnatin'ny faritra izay ny voafehin'ny lalàna sy ny drafi-pitantanana sy fanajarian'ny Valanjavabohary Makira.

Madagascar

Araky ny lalàgna, ny mponina ao amin'ny faritra ivelomana araha-maso dia afaka mangorona na misambotro:

Ino? Ireo biby manjary hangorognona avake koa ireo karazam-biby "mpanimba". Ny fangalàna ireo biby "arovan'ny lalàgna" ndraiky dia misy fepetra manokana, raha toa ka tena ilaina na mahakasika ny fomba nenti-paharazana.

Manankory? Araka ny fomba fangorognana nentim-paharazana (lefona, tsipika, fijilo ary fandrika).

Oviagna? Mandritry ny taona ho an'ny karazam-biby mpanimba. Mandritra ny vanim-potoagna fisokafan'ny fangorognana hoan'ny biby fihaza.

Akaiza? Ao anatin'ny faritra ivelomana araha-maso. Ny biby azo tamin'ny fangorognana ao anatin'ny ZOC dia tsy azo amidy.

Miaraka? Tsy mila fagnamezan-dàlagna manokana raha hangorogna afa-tsy ny:

- fangorognana karazam-biby arovagna noho ny filàna tsy azo hidoviragna na noho ny antony mifandray amin'ny fomban-drazana: ilaigny ny fagnamezan-dàlagna avy amin'ny Filankevitry ny Governemanta, miainga avy amin'ny tolo-kevitry ny Ministera sy ny mpitantana ny faritra arovana.
- fangorognana ny biby arovagna na biby afaka hazaina, amin'ny fotoana rehetra ao anatin'ny taona, raha toa ka ho amin'ny filana fampandrosoana sy filaminam-bahoaka: ilaigny ny fagnamezan-dàlagna avy amin'ny Ministera, rehefa avy nifampidinika tamin'ny mpitantana ny faritra arovagna.

Ao amin'ny fifanarahan'ny fitantanan'ny vondrom-piarahamonina sy ny Dina, ny mponina ao amin'ny faritra ivelomana araha-maso dia afaka maminavina:

- Lisitr'ireo karazam-biby fangorogna sy ireo biby mpanimba azo hazaina ary koa ny hafontriagnan' izay afaka alaina (hitambarana na isan-tokantrano) mba hahafahana manome fahafaham-po ny mponina.
- Fanekena ny fomban-drazana mifandray amin'ny fangorognana karazam-biby arovagna.
- Lisitry ny fomba fangorognana nentim-paharazana nahazo fagnamezan-dalagna.
- Fifampiraharahana eo amin'ny mpitantagna ny faritra arovana ary fampiofanana ny mponina mahakasika ny fomba fangalagna ny bibidia.
- Daty fisokafan'ny fangorognana ho an'ny karaza-biby manjary hangorognina.
- Faritra fangorognana ao agnatin'ny faritra ivelomana araha-maso, araka ny fomba amam-panao. Ny vokatra azo amin'ny fangorognana dia tsy azo amidy ary tsy tokony hivoaka amin'ny faritry ny ZOC.
- Fahazoana ny faneken'ny tangalamena sy/ny komity mpitantan'ny VOI amin'ny fangorognana, afa-tsy ireo karazam-biby mpanimba.
- Fifampiraharahana eo amin'ny mpitantana ny faritra arovana sy ny mponina mba hahazoana fanomezan-dàlana hangorogna biby arovana noho ny antony mifandray amin'ny fomban-drazana, sy ny fanomezan-dalana hangorogna mahakasika ny fandaminana ny rafi-piarahamonina.

Hofantaritsika ny zontsika

Araka ny lalàna, ny mponina ao amin'ny faritra ivelomana araha-maso dia tsy afaka mangorogna na misambotra biby :

Ino? Karazam-biby arovagna, tsy nahazoagna alalagna.

Oviagna? Ny aligny. Mandritra ny fotoagna fifodian'ny fangorognana ireo biby manjary hazaina.

Akaiza? Agny ivelan'ny faritra ivelomana araha-maso, tsy misy fagnamezan-dàlana.

Manankory? Miankina amin'ny fomba fihazana tsy mifanaraka amin'ny fomban-drazana (basy, fitaovana misy motera, sns.).

Ireo fihetsika rehetra ireo dia azo saziagna amin'ny lamandy sy/na fanagadrana.

Ny mponina ao amin'ny faritra ivelomana araha-maso dia tsy maintsy magnaja ny fepetra voalazan'ny fifanarahan'ny fitantanan'ny vondrom-piarahamonina sy ny Dina amin'ny fangorognana na fisamborana bibidia.

Ny fandiadiavana ny Dina dia azo sazian'ny Vonodina (fanarenana ara-bola na ho an'ny tombontsoan'ny niharam-boina ndraiky Fokonolona). Ny fampahalalam-baovao ndraiky fanabeazana momba ny fiarovagna ndraiky fitantagnana maharitra ny bibidia dia voalaza agnatin'ny Dina.

Miaraka amin'ny fanohagnan'ny

Financé par l'Union européenne

www.swm-programme.info

Mpiara-miasa nasionaly

©FAO, 2023
CC4386MG